

# MANAMAFY HEVITRA MAMPIASA "really"

Ny "really" dia teny entina manamafy hevitra ary ampiasaina matetika amin'ny teny Anglisy. Azo adika amin'ny teny Malagasy hoe "tena" izy rehefa ampiasaina ao anaty fehezanteny ary mipetraka manarakaraka ny subject no hahitana azy matetika ao anaty.

## Examples:

- I **really love** you. / Tena tia anao aho.
- My daughter **really wants** to take a walk at the park. / Tena te handehandeha any amin'ny valan-javaboary ny zanako vavy.
- Everyone **really enjoys** seeing the man playing the guitar. / Tena mankafy ny olona rehetra mahita lay rangahay mitendry gitara.
- I don't **really like** working in this company. / Tsy dia tena tia miasa ato amin'ity orinasa ity aho.
- Learning English does not **really need** many tools. / Tsy tena mila fitaovana be ny mianatra teny Anglisy.
- Bob always drinks alcohol. He doesn't **really care** about his family. / Misotro toaka foana i Bob. Tsy dia miraharaha ny ankohonany loatra izy.
- Do you **really need** to be able to speak English to get a job? / Tsy maintsy mila mahay teny Anglisy ve vao mahazo asa?
- Does he **really know** the Manager of the company? / Fantany tsara ve ny mpitantana ilay orinasa?
- Do you **really want** to talk to me while everyone is away? / Tena te hiresaka miko ve ianao rehefa lasa daholo ny olona?

Tsy ny verb ihany no azo ampiasana ny "really", fa afaka mialoha adjective (mpamaritoetra) ihany koa izy ao anaty fehezanteny.

## Examples:

- It's getting **really dark** outside. Would you take me home? / Tena efa mihamainzina be ao ivelany. Mba afaka manatitra ahy mody ve ianao?
- I am **really angry** with John. / Tena tezitra amin'i John aho.
- The fork is not **really useful** in the countryside. / Tsy tena ilaina ny sotro rovitra any ambanivohitra.

|   |
|---|
| <b>love:</b> tia                        |
| <b>daughter:</b> zanaka vavy            |
| <b>want:</b> te                         |
| <b>take a walk:</b> mandehandeha        |
| <b>park:</b> valan-javaboary            |
| <b>everyone:</b> ny olon-drehetra       |
| <b>enjoy:</b> mankafy, tia be           |
| <b>see:</b> mahita                      |
| <b>man:</b> rangahy                     |
| <b>play the guitar:</b> mitendry gitara |
| <b>like:</b> tia                        |
| <b>company:</b> orinasa                 |
| <b>learn:</b> mianatra                  |
| <b>need:</b> mila                       |
| <b>many:</b> be dia be                  |
| <b>tools:</b> fitaovana                 |
| <b>always:</b> foana                    |
| <b>drink:</b> misotro                   |
| <b>alcohol:</b> toaka, alkola           |
| <b>care about:</b> miraharaha           |
| <b>family:</b> ankohonana, fianakaviana |
| <b>able:</b> mahay, afaka               |
| <b>speak:</b> miteny                    |
| <b>get:</b> mahazo                      |
| <b>job:</b> asa                         |
| <b>know:</b> mahafantatra, mahalala     |
| <b>manager:</b> mpitantana              |
| <b>talk:</b> miresaka                   |
| <b>away:</b> lasa, manalavitra          |
| <b>get dark:</b> mihamainzina           |
| <b>outside:</b> ao ivelany              |

- The meeting is not **really interesting**. / Tsy dia mahaliana loatra ilay fivoriana.
- Are you **really fond** of speaking Chinese? / Tena tia miteny Sinoa ve ianao?
- Is Becky **really good** at dancing? / Tena mahay mandihy ve i Becky?

**take home:** manatitra mody

**angry:** tezitra

**fork:** sotro rovitra

**useful:** ilaina

**countryside:** ambanivohitra

**meeting:** fivoriana

**interesting:** mahaliana, zava-dehibe

**fond of:** tia

**goot at:** mahay

**dance:** mandihy